Te Hanatsara ny Vavaka Ataonao ve Ianao?

Hanampy anao handinika ny zavatra resahinao amin'ny vavaka sy hanatsara an'izany ity fampiasana ity.

ZAVATRA RESAHINA

Zavatra mitovy foana ve no resahinao isaky ny mivavaka ianao? Raha izany, dia andramo ireto:

Soraty eo ambany ny zavatra telo tianao hisaorana an'i Jehovah.

1. _____
2. _____
3. _____

"Vao mainka aho lasa tia an'i Jehovah rehefa misaotra azy. Lasa mifantoka amin'ny zavatra tsara nataony ho an'ahy mantsy aho rehefa manao an'izany. Dia lasa mankasitraka kokoa aho." —Jeanette.

Soraty eo ambany ny zavatra telo mampiady saina anao.

1. _____
2. _____
3. _____

"Rehefa kivikivy iny aho, ka mamboraka ny ao am-poko amin'i Jehovah, dia lasa milamin-tsaina. Dia tsapako hoe tena namako izy."—Kiara.

Soraty eo ambany ny anaran'olona telo fantatrao fa miatrika olana lehibe.

1. _____
2. _____
3. _____

"Tokony hivavaka ho an'ny mpiara-manompo miaritra ny mafy koa isika, na ireo any lavitra izany na izay eny akaikintsika eny."—Shelby.

Izay ianao dia efa nahita zavatra sivy azonao resahina amin'ny vavaka.

Izao Atao: ***"Azonao atao lisitra, ohatra, ny zavatra tianao horesahina amin'ny vavaka, dia jerenao ilay izy alohan'ny hivavaka. Hahita zavatra be dia be horesahina ianao rehefa mandeha ny fotoana, dia ho mora aminao ny hiresaka amin'i Jehovah an'izay ao an-tsainao."—Ciara.***

www.jw.org © 2017 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

ZAVATRA MILA HATSARAINA

Inona amin'ireto zavatra ireto no tena sarotra *aminao* rehefa mivavaka?

MIVAVAKA AMIN'NY FO
(Jereo ny Hebreo 5:7.)

MIVAVAKA MATETIKA
(Jereo ny 1 Tesalonianina 5:17.)

MIVAVAKA ELAELA KOKOA
(Jereo ny 1 Samoela 1:12.)

Iza amin'ireo no tianao hiezahana?

"Hoatran'ny tsisy dikany izany ny zavatra resahiko amin'ny vavaka indraindray. Tsy maintsy miezaka be mihitsy aho mba hiresaka amin'i Jehovah an'izay ato am-poko."—Lauren.

Ny tanjoko: _____

"Mahita fotoana handefasana SMS na hiantsoana ny namantsika foana isika. Tena zava-dehibe anefa ny miresaka amin'i Jehovah, dia izay no tokony hatao voalohany." —Alana.

Ny tanjoko: _____



"Tsy tokony hatao maimaika ny vavaka, dia amin'izay ho mora aminao ny mamboraka an'izay ao am-ponao."—Teresa.

Ny tanjoko: _____

www.jw.org © 2017 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

IZAO ATAO

Tonga dia lazao izay tsapanao

Hoy i Maria: “Nijery ny lanitra aho indray mandeha izay, dia gaga be mihitsy. Tonga dia nisaotra an’i Jehovah aho, satria tsara be ny zavatra noforoniny.”

Mitadiava toerana mangina

Hoy i Kimberly: “Indraindray izaho mipetra-petraka eny an-tokotany mba hivavaka amin’i Jehovah. Lasa mahatsapa ho akaiky an’azy aho rehefa mahita ny zavatra noforoniny, satria hoatran’ny eo akaiky eo mihitsy izy rehefa mivavaka aminy aho amin’izay.”

Toerana mangina azoko ivavahana:

_____

_____

_____

Mamakia vavaka ao amin’ny Baiboly

Hoy i Helena: “Tiako be mihitsy ny mamaky ny bokin’ny Salamo. Manampy an’ahy tsinona ilay izy mba hahita hoe hoatran’ny ahoana ny nataon’ny olona sasany rehefa namboraka ny tao am-pony tamin’i Jehovah. Dia lasa te hanao hoatran-dry zareo koa aho.”

Vavaka ao amin’ny Baiboly tena tiako:

_____

_____

_____

www.jw.org © 2017 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania